Septambra 2015

Fifaninanana Tononkalo II

Koloiko sy Hajaiko ny Teniko

Copyright © 2015 Koloiko sy Hajaiko ny Teniko

Sary: Mainty Kely

Ity boky ity dia hitanao ao amin'ny tranokala *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko*
http://www.andrianiko.com/boky/

Tsy azo kitihina ireo soratra eo ambony eo ireo raha hanaparitaka ity boky ity ianao.

Rraha misy fanamarihana tianao hatao mikasika ny boky dia aza misalasala manoratra aty aminay.

Natonta faharoa, Septembra 2015

Fanoroam-pejy

Fanoroam-pejy 3

I Ireo Tononkalo Nifaninana 9

1 Onjan’ny Fitiavana 10

2 Safidim-pitia 12

3 Izy 13

4 Amiko Ianao Irery no Tokana 15

5 Ambarako Anao 17

6 Tiako Foana Ianao 19

7 Hafatrafatra 21

8 Satria Tiako... 23

9 Hanoratra Aho 25

10 Ry Tiako... 26

11 Fitiavana Mandrakizay 28

12 Fifonana 29

13 Mba Zovy Moa Ianao 32

14 Teny Roa 34

15 Fitia Vovo-tany 35

16 Misy 37

17 Tiako Ianao 38

18 Ho Tiaviko 40

19 Fitia Botsiaka An-jaridaina 41

20 Tia 43

21 Ny Anilanao 44

22 Ho Mpinamana? 46

23 Nampitahaiko Tamin-jery 48

24 Ho Anao Irery 50

25 Fitia Tsy Sahy 52

26 Aza Tia Tafahoatra 54

27 Ilay Tokako Tsy Foiko 56

28 Na Tiako… 57

29 Ny Fifankatiavan-tsika 58

30 Ny Foko sy ny Saiko 60

31 Fiankinana Mandrakizay 62

32 Teto Izy Nitomany 64

33 Matoa Aho Nitia Anao 65

II Vokatra Ofisialy 67

Teny Fampidirana

Hetsika tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny faha-dimy taonan'ny vondrona Facebook *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* ity fifaninanana tononkalo ity.

Lohahevitra

Fitiavana

Mpitsara

- M'Umpy Ann
- Misandratra Andriamiarisoa
- Mainty Kely

Momba Ny Boky

Mizara roa ity boky ity. Ao amin'ny fizarana voalohany no ahitantsika ireo tononkalo nifaninana. Nalahatra arakaraky ny nidirany tao amin'ny fifaninanana izy ireo. Nisy tamin'ireo

tononkalo nifaninana no nihintsana ka dia tsy nampidirina tato anatin'ity boky ity intsony.

Ao amin'ny fizarana faharoa no itaterana ny vokatra ofisialy tamin'ny fifaninanana.

Fisaorana

Tsy tanteraka ity fifaninanana ity raha tsy nisy ny fanampiana sy fanohanana nataon'ireto olona manaraka ireto, koa dia aterina eto ny fisaorana azy ireo.

- Ny Eja noho ny fanomezany ireo loka.
- Hary Razafy noho ny namoahany ity hetsika ity an-gazety.
- M'Umpy Ann sy Misandratra Andriamiarisoa noho ny nanekeny hanampy ahy hitsara ny fifaninanana.
- Ireo mpifaninana rehetra tsy an-kanavaka.
- Ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fametrahana ny *tiako* tao amin'ny Facebook.
- Ny mpikambana rehetra ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko.*

Misaotra indrindra tompoko!

Fianarantsoa, Martsa 2015 *Mainty Kely*

Fizarana I

Ireo Tononkalo Nifaninana

Tononkalo 1

Onjan'ny Fitiavana

Nosoratan'i Cotton Wood

Dia mahagaga ilay antson'ny fitiavana,
tsy miandry akory izay finiavana
fa ilay maraina vao mifoha
dia izy no mameno loha;
hery hafa mitambesatra
mandidy anaty toa miresaka,
misy bitsika tsy ankijanona
milaza mafy fa tsy hianona,
ary ny tanana toa manjeny
mitady lalana tsy an-kiteny.
Dia mba mihodina ny maso,
fa inona loatra ity ankaso?
Fa tsy misy fotoana handinihana
satria ny vatanao efa voafihina.
Dia novelariko ny sehatra

fa izay hita toa mirehitra,
dia noraisiko ny angady
fa tsy hiandry sy hifampitady.
Naneno mafy ny angorodao
mitalaho mafy te ho ao,
dia navadika ny bainga
fa ny sambon-danitra hono hiainga.
Dia teo indray isika roa
nihodikondina, nifanasoa.
Izaho sy ianao anie ka mahalala
fa any an-danitra no iafara.

Tononkalo 2

Safidim-pitia

Nosoratan'i Maminirina Nancie

Raha ny masoko no misafidy mety ho hafa fiantefa,
raha ny saiko no mandidy mety ho diso safidy.
Fa ny foko no mahalala fa hianao ilay malala,
silaka fanahy notadiaviko hatrizay.
Raha teny no entiko hidradradradra ny vetsom-poko androany,
dia tsy ho ampy sy tsy hahalaza ny fitiavako tsy mety lany.
Ka indro pera-tsarobidy
ho marika fa hianao no finidy,
ekeko ho malakako doria...hiara-hanandratra *fitia*.

Tononkalo 3

Izy

Nosoratan’i Naval Rambo

Natao izay nihaonako tamin’ity olona iray
loza…vao nahita azy dia babo aho.
Saingy teo ilay toetro mampifila izay
mody tsy niraika, kanefa ny tao am-poko tao?

Telo taona no lasa, tsy niaraka izahay.
Gaga aho fa teo foana koa izy,
kay izay hono vao mainka nitiavany ahy,
Ary farany raikitra ny anay.

Raha mba fantatrao mantsy ny momba azy manontolo?
Diso fiantefa ny fitiavako fa efa manan’olon-kafa koa izy hono.
Sady sambatra aho nijaly tao anatin’izay enin-taona izay.
Heveriko fa eny an’abakabaka no misy anay,
kay eo ambony alahelon’olon’iray.

Henemana tokoa mantsy niarahana nigoka
ilay fitia tena mamy …
Toy ny mbola vao teo ilay bitsiny:
"tiako ianao, ary tiako ho renin-janako."
Niorina ny hodi-dohako toy ireny mpifoka.

Arakaraky ny nialako,
toa vao mainka nanamafy ny fiarahana.
Indray andro, hafahafa ity tenako kay nanan'anaka.
Tahotra, henatra teo amin'ny mpiara-monina.
Loza inona ity navaliny?
Aleo hijanona ho ray sy reny izaho sy ianao.
Namboariko ny foko sy ny saiko aleo mionona.

Inon'ary ity mitranga?
Izy efa nitsotra fa ny foko mbola tia.
Ary izy koa, eo foana mijoro hatrany ho anay mianaka.
Efa-taona ny zanakay, ilay fitia toa vao mainka miara-dia.
Tsy nampoiziko anefa kay izy natao mariazy tany Ambohijanaka.

Namako, olontiako, rain-janako,
ekeko fa diso aho ary zakaiko satria noho *izy*.

Tononkalo 4

Amiko Ianao Irery no Tokana

Nosoratan'i Barry Sirjon

Ianao malala no tiako sy lalaiko
andriambavilanitra, eken'ny saiko
nahatonga ahy, tsy nihambahamba
tsy naharay tena ka nanary lamba
…satria amiko ianao irery no tokana.

Ny ato anatiko: efa toy ny lapa,
ato an-tratrako: ianao no mpanjaka,
ny didy jadona: ataoko maharavo,
izay sitrakao, f'izaho efa babo,
…satria amiko ianao irery no tokana.

Laniko ny fomba fisakambinana,
ny fanoroka sy ny fihimpihina:
tolotra fitiavana aelin'ny ra,

mampisonanina ny ati-fanahy
…satria amiko ianao irery no tokana.

Ny hanolo anao aloha dia ho sarotra,
ny fitiavanao manko efa firakotra
Isalorako ilay endrikao mitsiky
mba tsisy afaka hisolo anao mihitsy
…satria amiko ianao irery no tokana.

Aminao ny antom-pisiako no miompana,
satria…amiko…ianao irery…no *tokana*!

Tononkalo 5

Ambarako Anao

Nosoratan’i Beby Rabodomiadana

Ambarako anao ireo diniky ny foko,
ambarako anao f’ireo tsikinao, ireo molotrao,
maha te hanoroka, mahafeno ny saiko,
mitondra ny mamy amin’ny fiainako.
Ambarako anao fa ny masonao,
mitovy amin’ny diavolana, mahababo,
ambarako anao ry mamiko,
fa avy amin’izany ireo faniriako.
Ambarako anao ireo vinany,
tsy azo atao, voarara sy fady,
ambarako anao, anao irery,
ireo tsiambaratelo, miafina anaty.
Ambarako anao ireo nofinofiko,
s’izay rehetra mandoboka ny foko,
ambarako anao fa tiako ianao,

abitsiko aminao f'ianao no lalaiko.
Ambarako anao f'isaky ny segondra,
mahatsiaro anao aho ry lala,
ambarako anao ny fahababoam-poko,
ny fitiavako anao toy ny adala ry tsy foiko.
Ambarako fa tiako foana ianao,
isaky ny iray minitra iainako,
ambarako ny fifaliana mameno ny foko,
rehefa iny ianao fa tazako…

Tononkalo 6

Tiako Foana Ianao

Nosoratan'i Gloriah Masoandro Malalatiana

Efa nekeko ianao ka nomeko ny amiko,
nandrianiko ianao ka tena tiako sady mamiko, niarahako ianao ka mameno ny fisainako,
Notiaviko ianao ka nanjary lasa fiainako.

Dia mbola malalako ianao, manaingo izany foko,
manokana amiko ianao, sarobidy tsy ho foiko,
tokako ianao, manokana sy ilaiko,
mamiko ianao, ka ho fy sy ilaiko.

Dia…

Mbola ho tiako ianao, ho amboniako sy hajaiko,
malalako ianao, mandra-pialam-pofon'aiko,
tompon'ny foko ianao, omaly sy anio ary ho mandrakizay,

manomboka eto izany, ka hatrany ankoatra…tsy hay!

“Haiko foana ny hitia anao…”

Tononkalo 7

Hafatrafatra

Nosoratan'i Dafy Noely

Foiko izy raha toa
vitanao tanteraka ny manasambatra azy,
mitia azy amin'ny fo fa tsy mivazivazy,
mameno ireo banga tsy hitany fahiny
raha tsy hoe angamba
Izaho no tena tiany…

Izahay rahateo anie…tsy vita raharaha,
f'izy afaka mandeha
koa aza ianao manahy.
Tsy misy fatopatotra ny amiko sy ny aminy,
fa ny ahy izay tena maminy
sy safidim-pony dia tsy maintsy ho hajaiko
hatramin'ny fara-fofon'aiko.

Ny iangaviako anao?
Aza resahina aminy izao resatsika izao.
Tsy tiako hisy hanaloka ny fifalianareo
f'efa nekeko rahateo,
raha toa izay no anjara
sy hitany fa tsara.

Raha toa moa any aoriana ka tena sambatra izy
dia lazao amiko…fa ho sitrana ny foko,
fa raha toa toloko
sy alahelo ahy dia tsy tiako ho re…
Ka aza ataonao fantatro
fa angamba dia ho maratrako
ilay foko izay nandefitra namela azy handeha.

Tononkalo 8

Satria Tiako…

Nosoratan’i Antsa Tononkalo

Tiako raha ianao no volana mitaratra,
anatin’ny ali-maizim-pitoko.
Dia ny tontolontsika miaraka,
no nofy mba nofisiko.

Tiako raha ianao ilay masoandro mibaliaka,
izay andrasako higadona, hamiratra hanjopiaka.
Handrava ny tontoloko rako-javona.

Tiako raha ianao ilay orana mifafy,
hamelombelon’aina, f’izato foko miafiafy
anaty tontolo karakaina.

Tiako raha ianao ilay onjam-peo mahery,
hitondra tafasiry, f’izato foko manirery,

anaty tontolo gina mankadiry.

Tiako noho ny tiako raha ilay tsikinao,
no hamiratra eny an-tavako,
amin'andro fahoriako, hiambozonako ho firavako
mba ho mari-pifaliako,
manko ry malala, satria tiako ianao.

Tononkalo 9

Hanoratra Aho

Nosoratan’i Espérance Ralaiaritianasoa

Ho fanehoana ilay fitiavana
izay tato am-poko hatrizay,
hanoratra aho.
Amin’ny fo feno finiavana
ny hitia anao mandrakizay,
hanoratra aho.
Ho porofo fa tena babonao tokoa
ny saina, vatana, fanahy ary koa ny fo,
hanoratra aho.
Fa tena lasanao avokoa
ny fitiavako Ndriamatoa

Tononkalo 10

Ry Tiako…

Nosoratan’i Joseclaudio Blacko

Ry tiako…,
etsy misambara,
fa anio ilay andro,
anamafisana ilay voady,
eo ambony alitara.

Etsy ange ry tiako,
tokana finidiko,
tao anatin’ireo maro.
Anio ilay fotoana,
iarahana mianoka,
ilay vokatra fitia,
taona maro izay.

Ry tiako…

etsy hotatanako,
ary ho fihiniko
fa voasoratra androany,
ilay androtsika mamy.

Eny ry faniloko,
mpanilo ity fiainako.

Tononkalo 11

Fitiavana Mandrakizay

Nosoratan'i Tsiry Randrianatoandro

Fitiavana mandrakizay no omeko anao ry tiako,
ianao ilay nekeko ka sanatria raha hoe ariako.
Mitosaka ao anatiko ao ilay fitia tsy hay tohanana,
ka valim-pitia avy aminao no iriko mba hananana

Fitiavana mandrakizay ireo toky sy voady,
Ny lalana nolalovantsika voaraikitra ho tantara.
Tsy sangisangy sanatria no nampiakarako anao ho vady,
ka ireo adiadintsika aoka avalona any afara.

Fitiavana mandrakizay hitohy hatrany amin'ny fiainan-tsy hita
ka hisedrantsika an'ity fiainana mandalo,
hifankatia hatrany tsy hanampahavalo,
fitiavana mandrakizay, mafy orina ary tsy ho mety vita.

Tononkalo 12

Fifonana

Nosoratan'i Aina Nirina

…"Fa ho aiza izato ianao ?", hoy aho tsy nampandroso,…
nefa dia nisosososo
tsy nisalasala izy raha nandingana tokonana
sy nitondra ny fifonana:
"Miala tsiny aho rahavako, raha tonga vao maraina,
no miangavy, mitaraina,…fa ny alim-potsy omaly noho ny kaikitry ny nenina
no niantso ahy hiverina,…fa ilay fitiavantsika izay tsy maty tato am-poko
mbola tsy niova loko…Tena neniko ny lasa, mba henoy ny fiangaviako,
fa ianao no tena tiako…"

…Saikatra aho, variana: "Ho aiza re ny lalako?…" Noraisiny ny tanako

dia hoy ny fiangaviany:
“Neniko ka neniko, ny vitako fahiny,
vonona aho hanonitra iny lasantsika iny…
Fa na dia teo anilany
ary nangolainy ny rotsin’ny hirahirany
dia mbola hafa ihany ny feom-balihantsika
sy ilay fitiavantsika,
nambabo ny fanahy
sy nahasambatra ahy.
Rako-boninkazo raha ny lembalembany,
nirenty sy namiratra raha ny rendrarendrany,
Natolony avokoa
na ny aingitraingitra na ny nahasoa…Dia babony ny nofoko,
afany ny rofiko,
fa tsy azony ny nofiko.
Ny foko sy fanahiko dia mbola taminao,
mbola hafa ihany ilay fitiavanao,
ifonako rahavako,
raiso ny fitiavako…”

…Tapa-kevitra aho fa hamarana ny tafa
ka tsy nihafahafa
nilaza avy hatrany:
“Aok’izay ny tomany,
Farano ny taraina
avelao aho haka saina
sy handinika milamina,
f’izao aho mbola fanina…
Ka avelao aho ho irery

f'aza ataonao an-tery,
mandehana aloha dia mba akatony
io varavarako io, fa mba maniry hitony
ny foko sy ny saiko,
Fa empaka ny aiko…

Izaho ilay variana
dia tamim-pahasahiana…
nosintoniny ny tanako,
nahemotro ny vatako,
kanefa tsy nahatohitra fa tsapako nisoko,
toa nisy herin'aratra nisintona tsaroako…
…Nahemotro ny tongotro,
nangovitra ny molotro,
ny vatako anefa nisy tsirim-paniriana
no mbola notolorany ilay orok'olon-tiana
ka tsy nahatohitra ilay oroka nolaviko,
fa toa mainka aza mbola notadiaviko…Narahiny ny fihina hanambatra ny vatana,
K'izaho manontolo no nandray ilay fitiavana
…dia niara- nankafy
ny *andron'ny mpifankatia…*

Tononkalo 13

Mba Zovy Moa Ianao

Nosoratan'i Ny Avoko

Zovy moa ianao
ry olona nandalo
no nioty tsy niera
ilay vonim-boninkazo.
Tsy nanontany akory izay hevitry ny tompony
fa avy dia nitango
raha vao nandre ny fofony…

Voaongotrao daholo hatrany am-pitsiriany.
Sahy loatra ianao
ry olo-mpivahiny.
O! Mba zovy ho'aho ianao
ry iny olona iny?
Nandalo sy niserana
…angamba mpivahiny!

Kanefa dia naharevo
izaho tompon-tany,
ka hatramin'ny aty fony
Dia lasanao any!

Tononkalo 14

Teny Roa

Nosoratan’i Hery Eloi

Ilazako ny ao am-po,
anehoako ny mamy indrindra koa.
Vetso sy safidy avy ao am-po
indro fa hatolotro ho anao;
n’inona miseho n’inona manjo,
anao irery ihany tsy ho zaraiko roa.
Tsy asiako fetra
fa safidy tena tarigetra
’lay teny hoe:
Tiako Ianao.

Tononkalo 15

Fitia Vovo-tany

Nosoratan’i Mina Ilarion

Malala a! Miala tsiny akia raha mamoha ny torimasonao
na manaitra moramora, ao anaty nofinofy,
fa fetintsika anio, eny ianao nandao
dia tiako sady mamiko, k’izao handrotsirotsy.

An-taona maro izay no nivadihanao ho tany
nandrianao mangina ato am-pasa-mangatsiaka,
ity silakao dia hatrany mitomany
raha mahatsiaro foana ireny sangisangintsika.

Malala a! Na efa lo sy vovoka, ny vatanao malia
ny voadiko mitoetra aminao mandrakizay,
amiko amin’izao, ny antsoina hoe: *fitia*
dia sahy misedra mangatsiaka, danik’andro mahamay.

Na iza hanafoaka na iza hanadala?
Misarizoro lava sy mandranitra isan'ora,
ny ahy dia teny iray, teo ambonin'ny alitara
henoiko dia hariako, ireo tsikera sy ny akora.

Malala a! Ianao no tiako sady anjarako
novoadiko ny ho doria,
nadika endri-tsikotra amin'ny sarin'ny fitiavako
ry hosodokon'ny fitia.

Handeha aho dia manofisa ny andronao tontolo
aza tsiniana akory, ny ranomasoko mijohy,
am-pisainana mangina izato vata-bobongolo
hiainga aho ka hisedra izany fiainana mitohy.

Mandria am-piadanana ry tiana izay nandao
nohon'ny lahatra voalamina tsy azo nihodivirana,
iainan'ny rehetra, dia ny voahary toa anao
nongotana tanora, izato raozy miramirana.

Tsofy rano ka tsilovy, fa malala tokanao,
ny herisetra izay miselina, esory tsy ho eo anilako.
Hamaranako azy, ity ny voninkazonao,
veloma mandram-pihaona, mandria ianao ry silako.

Tononkalo 16

Misy

Nosoratan'i Natolojanahary Fabyen Hitsyky

Misy tsy hay hafenina
mitady lalana hivoaka
hampandre ireo marenina,
ka aleo ny penina no hatroatra.

Misy loko tiana haseho
izay manjavona amin'ny jamba
ha marevaka, midorehitra ony sy angamba,
ka aleo ny penina no haneho

Misy teny tiana hambara
saingy misy ireo mitampim-bava
ka aleo ny penina no hanoratra
izay tsy mety re, tsy hita sy voalaza,
fa ao izy tena atao mahoraka!

Tononkalo 17

Tiako Ianao

Nosoratan'i Bertho Dobalge

Ny masoko mijery
anao mangina ireny.
Dia toa misy hery
mandrisik'ahy hiteny.

Hilaza sy hanambara
aminao mangina.
Fa ny foko dia banga
ka dia mila anao ry tiana.

Eny, izao no marina;
"Tiako ianao rahavako."
Ka ny dian'ity peniko
no ilazako ilay fitiavako.

Sanatria tsy hanimba
izato bika kantonao…
Fa maniry ny hanisa
Ny fitempon’ny fonao.

Tononkalo 18

Ho Tiaviko

Nosoratan'i Rindra Randriamiarina

Ho tiaviko ianao manomboka androany,
ho tiaviko ianao fa tsy avelako hitomany,
ho tiaviko ianao amin'ny fitiavako rehetra,
ho tiaviko ianao ary aina anie no fetra.

Ho tiaviko ianao satria ianao tia ahy,
ho tiaviko ianao fa aza manahy,
ho tiaviko ianao na ory na finaritra,
ho tiaviko ianao tsy asiako adi-varotra.

Tononkalo 19

Fitia Botsiaka An-jaridaina

Nosoratan'i Axel Mamy

Mamy ianao ry tovovavy, matsiro sady fy,
ny izaho-ko dia babo, mahatsiaro henika fitia,
ianao ihany no malalako, tiako iarahana am-panahy,
ka ny fiainam-pitiavako, ho anao mandrakizay.

Ry tovolahy, fanina aho, mandre ity rediredinao,
sa ve ilay izaho fanahy, dia nahasintona anao tsotra izao.
Raha ny tsapako aloha, ny fanahiko soa,
ny ati-foko koa, mendrika tokoa.

Malala a! Meteza ianao hahatsapa
ilay tia adala, manam-pitia lalim-paka.
Tiako a! Aoka ianao handefa saina lalina
fa ianao tontolo, tiako tsy hindramina.

Izany ve? Eny ary e, ekeko ny fitiavanao,
anefa ho'aho izaho toa mbola tsy nandre ilay teny hoe *tiako ianao*.
Avia ary, etsy hofihiniko dia akipio tsimora izany masonao rahavako,
Tiako ianao, vontosy ny andonao mamy amin'izay ny tavako.

Tononkalo 20

Tia

Nosoratan'i Annie Synthia Razafimahatratra

Tsy teny lasalasa
fa efa nokinasa
ireo izay voalazako…

Ka raha mbola ngazana
ny any am-ponao any,
andraso, hamafazako
ny voan'ny fitia…

Hitsimoka eo indray
handravaka ny dia.
Ka ho hira soa hatrany
no handrotsy ny fonao,
eto aho ka matokia…

Tononkalo 21

Ny Anilanao

Nosoratan'i Raj Ny Anjara

Tiako hakipy ny maso
minitra vitsy monja,
handrenesako ilay antso
ilay teny mamy sy mafonja.

Tiako hijanona ny tany
rehefa tojo sasak'alina,
ka ho antsika roa irery ihany
ireo kintaina aman'alina.

Tiako ho lavorary soa tokoa
ilay fitiavako tsy lany,
ka ny faniriako dia tsy hifoha
raha toa izao ka nofy mamy.

Tiako ianao tsy hiala anilako
fa hitoetra eo mandrakizay,
satria ianao ilay hany silako
mameno saina, fo, fanahy.

Tiako ianao mba hahalala
fa tena tiako ianao,
ka tsy havelako hisy handrava
izao fitiavantsika izao.

Ka omeko anao malala
omeko anao anio,
ny aiko manontolo
efa anao fa tsy ahy intsony.

Ka ny foko ho lapanao
omeko anao tazomy,
fa ny eo anilanao
no hery mampitony.

Tononkalo 22

Ho Mpinamana?

Nosoratan'i Mamy Benjalinoro

Hataoko ahoana ny hanadino ilay folakandro iray niavaka,
raha ho lasa nofy tsy mampino, ilay *noely*, androm-bavaka!!!
Ianao nantsoiko hoe "i bavy," izaho noraisinao ho "ranadahy"
kinanjo tsy nivazivazy, fa nifanoroka tsy nahy!?

Hataoko ahoana ny tsy hahatsiaro ilay molotrao malefaka,
sanatria! Aza afangaro ny doka sy ny tena resaka!
Ilay volon-koditrao malama, vao tanora herotrerony,
mitahiry tsiahy mahatamana, tsy lefy ny fameroverony.

Ny sandrinao, ny bikanao manontolo, vita lasitr'ireo rantsa-tanako!
Ny tratranao nitsangambolo, ilay voakasiko tsy nahy; nanadi-noako ny an'i mamako!!
Ny endrikao noravahan-tsiky, raha namborahako ilay fitia,

ilay fiangolanao, ny fijerinao, namaly “izaho koa anie ka tena tia e!”
Dia hataoko ahoana ny fanadino, hihafy, hionona fa tsy anjara fa hijanona ho mpinamana, nefa hifampiantso hoe “malala.”

Tononkalo 23

Nampitahaiko Tamin-jery

Nosoratan'i Kevin Andre'as Hajamianjo

Nampitahaiko tamin-jery
tanatrehanao daholo
ny voahary manontolo
dia tsikaritro;
fehim-boninkazo tsara bika
tamin'endrika sariaka.
…Dia nahaingoko ny kanto
nivolombolon-koditrao
tao an-jaridaina tao,
hiambozonako milanto
mba hoentiko mianjaika.
Dia ny ngidiny izao:
tsy mba nisy iray akory
nitovy tamin'ny soratrao
na nandray ny hanitrao.

Eny na dia nolaroina
mamy izay fitondranao
toa tsy nahay nanararaotra
fa hafa jery sy fivoaka
tsy ho ianao na oviana,
fa vinany tsy hety hangina
mbola feno fitsiriana
fa hafa ianao ry hany tiana.

Tononkalo 24

Ho Anao Irery

Nosoratan’i Ramarolahy Andrianamoizana

Ireo toky nifanaovana,
mamiko n’aiza n’aiza.
Tsy ho adino tsy hilaozana,
Voafefy tsara taiza.

Ilay teninao nandrara,
miverina ato an-tsaiko foana.
Ho tsaroiko aty hafara,
ampihariko tsy ho maona.

Ilay toky izay natao
mba hanatsara ’lay fitia,
mbola hajaiko hatramn’izao
miaraka amiko ho doria.

Izay teny voaloakao
tena mamiko lalaiko,
tsarovana eto atramn'izao
tsy miova loko ato an-tsaiko.

Mafy anie ny mizaka
onjam-piainana eto izao,
mahavalaka mandratra
tsy te hisaraka aminao.

Tsy noterena aho nitia
na nisafidy anao,
ka tsy hivadika aho satria
Tiako loatra *tiako ianao.*

Tononkalo 25

Fitia Tsy Sahy

Nosoratan'i Kantu Falihery

Nangoniko ny hery
nesoriko ny tahotra,
ka ilay teny *tiako ianao* efa vitako tsianjery,
ka hiezaka ny hiloaka feo ito vavako mibada,
hitony mba ho sahy ito foko saro-tahotra,
hitsotra handray anao ito tananako tena vahotra.

Vonona aho anio ny hanambara
tsy hisy hahatohitr'ito hery ato anatiko,
ny teny izay halahatro efa voarindrako ho tsara,
ny ora sisa andrasako hamborahako izay tsy tantiko.

Tonga anefa izy
tsy feo iray akory nolazaiko.
Dibatra ny lelako,

nihalefy hatramin’ito aiko.

Ny saiko toa voasazy,
ny lohaliko toa reraka.
Ritra koa ilay vazivazy,
ny henatro no teraka.

Fa nahoana, nahoana?
Fa ny tato an-tsaiko rehetra toa foana!
Nahoana, nahoana
fa rehefa manoloana
dia hovitra sy tahotra
no hery mampivahotra.

Tsy azoko mihitsy
ito hery ratsy toetra!
Ry hetahetako ô! Indrisy,
nosakanany amboletra!

Tononkalo 26

Aza Tia Tafahoatra

Nosoratan'i Mi Kalo

Aza tia tafahoatra
ka mitrena sy mitroatra
raha tojo mahamay.

F'aza dia mivaky loha
fa rehefa tia ny fo
dia ataovy ampy izay.

Aza diso saro-piaro
amin'ny olona mandalo
sitraka fa tsy sahaza.

Fa rehefa tia ny tiana
dia raiso ho fifaliana
Ka mahaiza koa manaja.

Aza mba mandao ny tiana
raha tojo fahoriana
mba mahaiza koa miafy.

Fa raha fitiavana najoro
no voasedra sy voakolo
dia tsy maintsy mbola ho mafy.

Tononkalo 27

Ilay Tokako Tsy Foiko

Nosoratan'i Nantsu Maylih Rafamatanantsoa

Sendra mba nandalo aho ka saika hoe hijery
ilay malalako tsy foiko, ary tiako ho ahy irery.
Indrisy anefa…fa toa tsy afaka nihaona isika,
nosakanan'ny asanao ilay fitiavako masiaka.

Tsy tezitra aho akory na hanome tsiny anao
fa ny alaheloko no mivaivay tanteraka anatiko ao.
Ny mahasoa 'nefa aloha zay vao ny mahafinaritra
sady izay 'lay tsinjo lavitra, rehefa tia aleo miharitra.

Tiako ho tsapanao hatrany fa ny foko tena tia
anaovako voady, izaho tsy hivadika ho doria.
Ifonako ireo rehetra izay nahatohina ny fo
tsy haveriko intsony fa ho soloiko zava-tsoa

Tononkalo 28

Na Tiako…

Nosoratan’i Jim Kely

Na tiako aza ry lala ny ho eo anilanao,
noho ny fitadiavana dia tsy maintsy hifandao.
Hitady aho ary hitady ho anao
mba hahafahantsika manorim-piainam-baovao.

Na tiako na tsy tiako tsy maintsy hikisaka ny tenako,
aza asiana fanahiana raha ny fotoana hiverenako.
Fa na lasa aza aho ny foko mbola tia
tsy hahafoy hisaraka aminao mandrakizay doria.

Efa teniko iny ry lala ka matokia raha ny amintsika,
ny fo roa mifankatia no masoandro mibaliaka.
Dia ianao ho ahy ary izaho ho anao,
ataontsika tola-gaga izao tontolo izao.

Tononkalo 29

Ny Fifankatiavan-tsika

Nosoratan'i Tanjona Randrianajaina

Raha vao nahita anao,
dia niatsampy izato foko.
Nefa tonga dia noraisinao,
ka nanjary feno loko,
ilay androm-piainako.
Teo anilanao teo foana,
dia mba nisy nitarainako.
Toa fanoto sy laona,
ny fitiavan-tsika roa.
Raha misaraka dia hita,
fa toa mikorontana tokoa,
sady tsy misy zava-bita.
Ka manjary malahelo,
raha misaraka aminao.
Fa indro misy teny telo:

tena tiako ianao!!

Tononkalo 30

Ny Foko sy ny Saiko

Nosoratan'i Ndrato Tsitu

Ny foko manjohy anao hatrany
mitady fatratra tsy tana,
saingy ity elanelan-tany
no manakana ny hombana.

Ny saiko mamisavisa anao irery
manembonembona ny omaly,
toa zary voatanisako an-tery
ilay angolanao mifaly.

Na ny saiko na ny foko
dia tsapako samy tena tia,
Ka zary rako-tsento sy toloko
raha tsy anilanao sanatria.

Ianao mantsy no manjaka
ho mandidy sy mibaiko,
koa zary tafatsiry lalim-paka
Ato am-poko, ato an-tsaiko.

Tononkalo 31

Fiankinana Mandrakizay

Nosoratan’i Lanto Razafitsiarovana

Oadray! Dia inona loatra ny zavatra nisy
no toa tsy ampiampy ny fiainako indrisy?
Misy marary, tsy afa-mandeha,
kanefa toa olona salama be.

Nikaroka hevitra ahitam-panafody,
novakiana daholo ny karazan’atody.
Tratra kimondron’ny mpanao moraingy,
nivindimbindina, nandraingiraingy.

Fa inona loatra no dikan’izany?
Tsy maintsy mitraka fa olona ihany.
Nanao fikarohana, nanao fanandramana,
nino ho tonga fotoam-pamaranana.

Nandeha ny segondra, minitra, ny ora,
ny tena rahateo moa mbola tanora.
Indro nandalo ity olona iray,
tsara fijery, tsara fanahy.

Nanampy hery tsy hay tohaina,
tsapako anaty fa tena nilaina.
Nameno ny banga; tsy maintsy handresy,
soa, fifaliana, tsy voasakana fefy.

Nomeko ny teny, ho enti-mandroso,
tsara, voalamina avy ato am-poko.
Nalako ny taolako anakiray
hataony fiankinana mandrakizay.

Tononkalo 32

Teto Izy Nitomany

Nosoratan’i Elidah Randrianaivoarimanana

Teto izy nitomany refa injay niraondraona
’lay vorom-by manan’elatra.
Niezaka nanafina izy,ny masony nanganohano,
’Lay fony toa nitselatselatra.

Nilatsaka tsimoramora ilay mosoara teny an-tanany.
Toa lasa lavitra ny sainy.
Ny akanjony aza moa nisokatra, fa tsy noraharahiany intsony,
f’efa hiongotra ny ainy.

Aza manadino!
Izay no sisa tao am-bavany,
Dia niha-maloka ny tavany.

Tononkalo 33

Matoa Aho Nitia Anao

Nosoratan’i An’jara Noumena Loohisa

Matoa aho nitia anao
dia tsy fotsiny hoe taitra
tamin’ny tsikitsikinao
na ny bikanao toa raitra,
fa fitia tena anaty
tsy voasoritra eo imolotra,
fitiavana ho mandra-maty
izay no tiako mba hatolotra.
Matoa aho nitia anao
dia mahatsiaro fa toa saraka
tsy mba hahita izay hatao
raha sendra tojo oram-baratra.
Fa ianao no iantorahako,
inao no mba atao fihanta,
eny tiako ka amborahako

izany fery mety handratra.
Matoa aho nitia anao
dia isika hiara-dia,
ka manomboka hatrizao
ho varo-maty ilay fitia,
ka na iza hanaratsy
na zovy te hanorotoro,
ilay fitia toa zary mafy
tsy ho rava na hikoro.

Fizarana II

Vokatra Ofisialy

Tabilao 33.1: *Vokatra ofisialy tamin'ny fifaninanana tononkalo II*

Lah.	Mpanoratra	Tononkalo	Isa
1	Dafy Noely	Hafatrafatra	361
2	Aina Nirina	Fifonana	181
3	Gloriah Masoandro Malalatiana	Tiako Foana Ianao	145
4	Barry Sirjon	Amiko Ianao Irery no Tokana	78
5	Hery Eloi	Teny Roa	64
6	Lanto Razafitsiarovana	Fiankinana Mandrakizay	61
7	Joseclaudio Blacko	Ry Tiako!	60
8	Antsa Tononkalo	Satria Tiako	58
8	Annie Synthia Razafimahatratra	Tia	58
10	Beby Rabodomiadana	Ambarako Anao	55
11	Cotton Wood	Onjan'ny Fitiavana	54
11	NyAvoko	Mba Zovy Moa Ianao?	54
13	Naval Rambo	Izy	53
13	Jim Kely	Na tiako	53
15	Raj Ny Anjara	Ny Anilanao	52
16	Rina Randriamiarina	Ho Tiaviko	51
16	Ndrato Tsitu	Ny Foko sy ny Saiko	51
18	Maminirina Nancie	Safidim-pitia	49
19	Tsiry Randrianatoandro	Fitiavana Mandrakizay	48
20	Tanjona Randrianajaina	Ny fifankatiavan-tsika	46
20	An'jara Noumena Loohisa	Matoa Aho Nitia Anao	46
22	Espérance Ralaiaritianasoa	Hanoratra Aho	45
22	Mi Kalo	Aza Tia Tafahoatra	45
24	Bertho Doblage	Tiako Anao	42
24	Mamy Benjalinoro	Ho Mpinamana	42
26	Mina Ilarion	Fitia Vovo-tany	40
26	Axel Mamy	Fitia Botsiaka an-jaridaina	40
28	Nantsu Maylih Rafamatanantsoa	Ilay Tokako Tsy foiko	39
29	Ramarolahy Andrianamoizana	Ho Anao Irery	37
30	Kevin Andre'as Hajamianjo	Nampitahaiko Tamin-jery	36
31	Natolojanahary Fabyen Hitsyky	Misy	33
32	Elidah Randrianaivoarimanana	Teto Izy Nitomany	32
33	Kantu Falihery	Fitia Tsy Sahy	30

Ny lisitra eo amin'ny Tabilao 33.1 no maneho ny vokatra ofisialy tamin'ilay fifaninanana. Eo amin'ny Sary 33.1 kosa no ahitantsika ireo mpifaninana telo voalohany.

Momba Ireo Naoty

Ireo isa voasoratra ao anaty tabilao ireo dia ny totalin'ny naoty azon'ny mpifaninana tsirairay araky ny fepetra nentina nitsarana azy, miampy ny *tiako* avy amin'ny mpamaky.

Fomba Nitsarana ny Fifaninanana

Ireto ny fepetra nentina nitsarana ireo tononkalo:

- Fanajana ny tsipelina.
- Hakantony.
- Fanarahana ny lohahevitra.

Ny teny malagasy sy ny fanafohezan-teny tsy nomena naoty intsony satria samy nampiasa teny malagasy daholo ny mmpifaninana ary tsy nisy nanao fanafohezan-teny.

Fomba Nitsarana ny Tsipelina

Nomena isa 10 avy hatrany ny tononkalo tsirairay. Mihena io isa io arakaraky ny isan'ny diso tsipelina ao amin'ilay tononkalo. Izany hoe: raha misy diso tsipelina iray izany dia lasa 9/10 no isa azon'ilay tononkalo, raha diso roa dia 8/10, sns.

Tsy nosokajiana ho isan'ny diso tsipelina ny andalana tononkalo tsy manomboka amin'ny sora-baventy. Toy izany

koa dia maro tamin'ireo mpifaninana no tsy nanaja ny fomba fampiasana ireo mari-piantoana toy ny teboka, faingo, sns, kanefa dia tsy nosokajiana ho isan'ny diso tsipelina koa izy ireny. Amin'ny ankapobeny izany dia ireo teny diso fanoratra ihany no tena notsaraina.

Marihina fa tononkalo efa voahitsy no napetraka ato amin'ity boky ity. Raha te hijery ny tononkalo mbola tsy voahitsy ianareo dia tsidiho ny pejin'ny fifaninanana ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* (http://www.facebook.com/groups/andrianiko/).

Amin'ny fifaninanana manaraka dia ho hentitra ny fitsarana ny tsipelina, ary dia tsy ho ekena intsony ny diso na eo amin'ny mari-piantoana izany na ny fomba fanoratana.

Ireo Tononkalo Nihintsana

Araka ny voalaza tao amin'ny *Teny Fampidirana* dia nisy tamin'ireo tononkalo nifaninana no nihintsana. Tsy hoe ratsy akory izy ireo na tsy mahay ny mpanoratra, fa dia ny tsy fanarahana ny fitsipika nifehy ny fifaninanana no nahatonga azy ireo nihintsana. Asa tsy novakian'ireo mpanoratra tsara angamba ny fitsipika na tsy noheverin'izy ireo ho zava-dehibe ka dia nodikainy. Anisan'ny fepetra voasoratra mazava fa mampihintsana ny tononkalo ny hoe: "Tsy azo kitihina na ovana intsony izay tononkalo efa tafiditra." Tsy nanaraka io fepetra io ireo tononkalo ireo ka dia voatery ny mpitsara nanintsana azy.

Raha liana ianareo te hamaky azy ireo dia tsidiho ny pejin'ny fifaninana ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko*.

Sary 33.1: *Ireo nahazo ny laharana telo voalohany tamin'ny fifaninanana tononkalo II nandritra ny fandalovany tao amin'ny gazety Taratra naka ny lokany. Avy eo ankavia miankavanana: Dafy Noely, Gloriah Masoandro Malalatiana, Aina Nirina.*

Teny Famaranana

Izay aloha no vita tamin'ity andiana fifaninanana ity ka dia ataovy toy ny mihinana voankazo an'ala ka ny mamy atelomy fa ny mangidy aloavy!

Arahabaina manokana i Dafy Noely, Aina Nirina, ary i Gloriah Masoandro Malalatiana, nahazo ny laharana telo voalohany.

Amin'ny manaraka indray manao tsaratsara kokoa!